



Embassy of the United States ANTANANARIVO

***Fitaovam-pitsaboana mitentina 820.000$ no natolotry ny Departemanta Amerikana misahana ny Fiarovana sy ny Tetikasa C.U.R.E. ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena Malagasy***

**ANTANANARIVO, 27 Novambra 2017** – Nambaran'Atoa Robert T. Yamate, Masoivoho Amerikana, androany ny fanolorana fitaovam-pitsaboana mitentina 820.000$ amin'ny anaran'ny Departemanta Amerikana misahana ny Fiarovana sy ny Tetikasa C.U.R.E. ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena Malagasy, Jeneraly Béni Xavier Rasolofonirina, hanohanana ny sehatry ny fahasalamana sy ny filaminana eto Madagasikara. Ity fanampiana ity dia tafiditra ao anatin'ny Fandaharanasan'ny Departemanta Amerikana misahana ny Fiarovana hisorohana ny VIH/SIDA (DHAPP) ary hatolotra ny *Centre Hospitalier de Soavinandriana* sy ny *Direction Centrale de Service de Santé Militaire*. Raha ny fanabeazana, fisorohana sy fitsaboana ny VIH/SIDA no tanjona voalohan'ny fandaharanasa, dia tsy ho tratra izany tanjona izany raha tsy misy ny fanatsarana ny fotodrafitrasa amin'ny ankapobeny hoenti-mitsabo amin'ireo toeram-pitsaboana ireo.

Ny tolotra mivantana fitaovam-pitsaboana mitentina 24.000$ no mamaritra ny dingana voalohany amin'ny fiverenan'ny fanampiana mivantana ao anatin'ny fandaharanasa DHAPP ho an'ny Tafika Malagasy. Hoy indrindra ny Masoivoho Yamate: "*Manantena izahay ny hanitarana ny fanohanana entin'ny fandaharanasa DHAPP mba hiverina amin'ny lentany nialoha ny taona 2009, satria tamin'izany izahay dia afaka nanohana ireo toeram-pitsaboana enina erak'i Madagasikara."* Satria ny VIH/SIDA dia mety hanohintohina ny filaminam-paritra aty Afrika, dia niasa mba hisorohana ny

VIH/SIDA ny Departemanta Amerikana misahana ny Fiarovana nanomboka ny taona 1999, sady nikatsaka ny hampihenana ny fitrangan'ny VIH/SIDA isan-taona miaraka amin'ireo mpiara-miombonantoka amin'ny tafika amin'ny alalan'ity fandaharanasa DHAPP ity.

Ny Fikambanana Amerikana tsy miankina manao ny Tetikasa C.U.R.E. dia nanolotra ny ampahan'ny fitaovam-pitsaboana mitentina eo amin'ny 800.000$ eo, ka tsy natao hitiliana sy hitsaboana ny VIH/SIDA fotsiny fa natao koa hanohanana ireo tolotra ara-pitsaboana fototra amin'ireo toeram-pitsaboana roa voalaza ireo.  Nohon'ny fanampian'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena Malagasy sy ny Masoivoho Amerikana dia nisy solontenan'ny tetikasa C.U.R.E. tonga nitsidika ireo hopitaly roa ireo ny volana desambra 2016 ka nahafahany nanangona "containers" roa feno fitaovam-pitsaboana mba hanohanana ny asa feno fandavantena ataon'ireo mpiasan'ny fahasalamana izay miasa amin'ireo toeram-pitsaboana ireo ho fanasoavana ny vahoaka Malagasy.

Ny Tetikasa C.U.R.E. dia fikambanana amerikana tsy miankina manao asa soa ary tsy mitady vola izay miasa amin'ny sehatry ny fahasalamana mba hanolorana fitaovam-pitsaboana ireo hopitaly sy toeram-pitsaboana mila izany aty amin'ny firenena andalam-pandrosoana.  Io fanolorana fitaovana mifandraika amin'ny filàn'ny sampam-pitsaboana mandray izany io dia fanampiana fohy ezaka hampitomboana ny fahazoana fitsaboana no sady manana tanjona lavitrezaka ny hanamafisana ny rafi-pitsaboana ho an'ny fiaraha-monina.

**U.S. Embassy Madagascar**

Embassy of the
United States
ANTANANARIVO

**PRESS RELEASE**
**For Immediate Release**
**November 27, 2017**
U.S. Embassy Antananarivo
+261/20-23-48000 x 2584 | AntananarivoPress@state.gov

## Le Département de la Défense Américaine et le Projet C.U.R.E. ont fait don d'équipements médicaux d'une valeur de $820,000 au Ministère Malagasy en charge de la Défense

**ANTANANARIVO** – L'Ambassadeur des Etats-Unis, Robert T. Yamate, a annoncé aujourd'hui, au nom du Département de la Défense Américaine et du projet C.U.R.E., un don d'équipements médicaux d'une valeur de 820.000$ au Ministre Malagasy de la Défense Nationale, Gal. Béni Xavier Rasolofonirina, afin d'apporter un appui aux secteurs de la santé et de la sécurité à Madagascar. Cette dotation entre dans le cadre du Programme de Prévention du VIH/SIDA du Département de la Défense (DHAPP) et sera offert au Centre Hospitalier de Soavinandriana et à la Direction Centrale de Service de Santé Militaire. Bien que les objectifs premiers de cette assistance soient l'éducation, la prévention et le traitement du VIH/SIDA, ces objectifs ne pouraient être atteints sans l'amélioration générale des infrastructures de soins médicaux auprès de ces établissements.

Les 24.000$ à titre de don direct d'équipements médicaux représentent la première étape pour rétablir l'assistance directe du programme DHAPP auprès de l'Armée Malagasy. L'Ambassadeur Yamate a noté que « *nous sommes impatients de pouvoir étendre les programmes de DHAPP dans les années à venir, et de travailler vers le niveau d'engagement d'avant 2009, où nous avons pu soutenir six centres médicaux dans tout Madagascar.* » Reconnaissant le VIH / SIDA comme étant une menace potentielle à la sécurité régionale de l'Afrique, le Département de la Défense Américaine s'est impliquée dans la prévention du VIH/SIDA depuis 1999, et il œuvre à réduire l'incidence annuelle du VIH/SIDA avec ses armées partenaires à travers ce programme DHAPP.

L'ONG américaine C.U.R.E. a fait don de presque 800.000$ de fournitures médicales additionnelles qui serviront non seulement à appuyer le dépistage et les soins du VIH/SIDA, mais également à soutenir plusieurs services médicaux de base dans les deux hôpitaux. Avec le soutien du Ministère de la Défense Malagasy et de l'Ambassade américaine, des représentants du projet C.U.R.E. ont pu visiter les deux établissements hospitaliers en décembre 2016 et ont par la suite assemblé deux conteneurs de fournitures médicales à envoyer pour soutenir le travail actuellement effectué par le personnel médical dévoué qui travaille dans ces hôpitaux pour le bien-être du peuple Malagasy.

Le Projet C.U.R.E. est une organisation d'assistance humanitaire à but non-lucratif qui travaille dans le secteur de la santé afin d'offrir des fournitures, équipements et services médicaux aux hôpitaux et cliniques des pays en voie de développement. Cette fourniture d'assistance médicale spécifique à chaque site assure dans l'immédiat un accès accru à de meilleurs soins, et permet sur le long terme de renforcer le système de soins de santé des communautés.

# # #